

JESOSY IRERY IHANY

Ry fiangonana malala

Miarahaba sy mamangy amin'ny anaran'i Jesosy Tompontsika.

Manoloana ny zava-misy sy mitranga ankehitriny, izay hiraha mahita fa mirongatra be ny valan'aretina "coronavirus".

Ao ny tahotra sy ahiahy amin'ny maha olombelona. Tsy lavina izany.

Raha ny Teny faminaniana araka ny Matio 24, Marka 13, Lioka 21 sy ny bokin'ny Apokalipsy, dia fahatanterahan'izany izao zava-mitranga sy miseho izao ho famantarana fa efa ho tonga ny farany.

Manoloana izany, dia inona no tokony ho toe-tsaina sy toe-po ary fihetsika hananan'ny mino ?

Amin'ny maha kristiana dia olona mivelona amin'ny finoana ny mino ary mandeha am-pahendrena, ka amin'izany dia mila mitandrina sy mijoro hatrany izy mba hahitana fa miavaka ny mino an'Andriamanitra sy tsy mino Azy.

Ny fiainanan'ny mino dia efa napetraka eo amin' Andriamanitra, ary azo antoka feno izany. Fa hoy ny Tompo hoe "Apetraho Amiko ny fanahinareo, fa Izaho no miahy anareo". (1Pet.5:7)

Amintsika mino dia miara mahasoana ny zavatra rehetra ho an'izay tia an'Andriamanitra (Rom.8:28). Izy no miaro sy momba izay miankina Aminy na dia eo aza ny zava-matahotra sy manahirana miseho handalovan'ny mino, koa "Aza matahotra" hoy ny Tompo (Isaia 41.10-13). Koa amin'izany, dia Tompon'antoka amin'ny fiainan'ny mino Azy Izy, mitsinjo sy mijery ny antsipiriany izay zava-miseho eo amin'ny andavan'andron'ny mino Izy.

Hoy indrindra ny Salamo faha 23, "na dia mandalo ny alokin' fahafatesana aza aho, dia tsy hana-tahotra satria lanao no amiko". Jesosy no Mpiandry tsara, manda fiarovana ho an'ny mino Azy (bouclier, bulle), ary toy fihomban'ny akoho ny zanany eo amban'ny elany (Sal.91 vakio manontolo).

Tsy milaza izany fa mandeha ho azy isika ka tsy tokony hitandrina "Tsia", Manam-pahavalo isika, dia ny devoly sompatra "mitady izay harapany, latsaka tahaka ny varatra, nefa matoky ny mino fa manana an'i Jesosy, Izay efa naharesy Ilay ratsy" . Koa amin'izany, dia mpandresy ny mino amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, Ilay tia antsika, Tompon'ny hery sy ny fahefana rehetra ety an-tany ka hatrany an-danitra. "Minoa an'i Jesosy Tompo, dia ho vonjena ianao sy ny ankohonanao"(Asa 16:31; Rom.8:37)

Koa, mila mivavaka mandrakariva, tsy ho an'ny tenantsika na ny ankohanantsika ihany fa koa hoan' ireo olona rehetra, indrindra ireo marary. Adidy masina napetraka amintsika kristiana izany amin'ny maha fanjakam-pisorona ny fiangonana.

Manome toky antsika ny Tenin'Andriamanitra "Eny", nefa tsy manao antsirambina "Tsia" ary mandeha am-pahendrena sy am-panajana ny hafa, manaraka " ny consigne" homen'ny

FIAROVANA MAFY

Écrit par Pasteur

Vendredi, 13 Mars 2020 09:54 - Mis à jour Lundi, 04 Janvier 2021 16:30

fanjakana amin'izay tsy mifanohitra amin'ny Soratra Masina (vakio Rom. 13:1-5).

Ary amin'izany rehetra izany, dia mila miantoraka eo am-pototrin'ny hazo fijalian'i Jesosy, mifona sy mibebaka amin'ny fahotana, izay mety mampisaraka antsika Aminy "Fa raha tsy mibebaka isika, dia ho ringana tahaka azy koa (liok.13:5)

Noho izany, dia mila miambina isan'andro isika, tsy ho kely vavaka na matoritory. " Mivavaha mandrakariva ka aza mitsahatra" (1Tes.5:17)

Matoky sy marina izao Tenin'i Jesosy izao hoe "Indro Aho, homba anareo mandrakariva mandrapahatonga ny fahataperan'izao tontolo izao". "Ny tany sy ny lanitra dia ho levona, fa ny Teniko tsy ho levona mandrakizay" (Mat. 28:20 ; Mat.24:31)

Dia samy ho eo amban'ny fitahiana sy fiarovan'i Jesosy ny tsirairay avy.

Ho aminareo anie ny fiadanana.

Pastora Edmond RAHARIJAONARIVELO